

FITANTANANA NY HARENA VOAJANAHARY AMIN'NY ALALAN'NY DINA

Mpanoratra: Shawn Peabody

HO AN'NY: MPIASAN'NY ONG, MIASA AN-TANÀ, VAHOAKA, MPITARIKA TY VAHOAKA

4







Teny fanolorana

Fahiny, ny dina dia mikasika ny toerana fady sy ny fomba tsy azo atao, nentina nitantàna ny fiainan'ny fokonolona. Ankehitriny, ny fanjakana dia nampiditra izany ho anisan'ny rafim-panjakana manaradalàna, nampiroboro ny fametrahana azy mba hifanaraka amin'ny fitantanana ny harena voajanahary. Manana fahefana feno eo anivon'ny lalàna velona malagasy ny dina, ary ahitana azy na ny tany masina, ny fady na ny fitantanana ny harena voajanahary.

Tantaran'ny dina

Zava-dehibe amin'ny fampandrosoana ny firenena Malagasy ny fampiroboroana mahomby ny fitantanana ireo harena voajanahary ireo. Tamin'ny andro faha-mpanjaka, ny zokiolona sy ny lehibe no tomponandraikitra amin'ny fitantanana ny harena voajanahary. Tamin'ny izany fotoana izany, dia teo ambanin'ny fitsipipehezan'ny fombam-pivavahana sy ny olobe teo an-tanàna, ny famerana ny toerana, ny fotoana sy ny fomba hanaovana ny tevia la indrindra tamin'ny alàlan'ny afo.

Tamin'ny andron'ny fanjanahantany, ny fiandreketana ny harena voajanahary dia notanan'ny tanàna iray sy ny firaisam-poko hatrany amin'ny mpanjanatany. Nanamboatra tahirin-javaboahary maro, nanao lalana, nametraka fitobian-tsambo ary lalam-by ny Fanjakana, mba nahafahana mitrandraka ny harena voajanahary.

Namoronana fanomezan-dàlana ny Malagasy ho fanakanana ny tevia la amin'ny alalan'ny dorotanety. Nihamarefo ary dia nihavery ny fitantana ny harena voajanahary taloha.

Tao aorian'ny fahaleovantena, nijanona teo am-pelatanan'ny Fanjakana Foibe (Antananarivo) ny fitantanana ny harena voajanahary. Raha nahomby ny fitantanana ny mpanjanaka tamin'izany, dia ny fanjakana Malagasy nandimby izay tsy nanana tetibola ho amin'izany, fa ny finivana ara-politika no nanamafy ny fampiharan'ny fitantanana tena henjana, dia tsy nahomby mihitsy teo amin'ny fampiharana ny fitantanana ny lalàna mba ho amin'ny fampiroboroana ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary.

Teo ambany fiahin'ny governemantan'ny mpanjanan-tany na ny mpitondra nifandimby tamin'ny fahalevoantena, dia maro ny ala simba, fongana ny tanety noho ny fandroana azy ireny matetika, ary ny harena an-dranomasina dia voatrandraka be loatra ka niafara tamin'ny fandranganan'ny jono, indrindra tamin'ny toerana nanakaiky ny tanàn-dehibe be mponina.

Taona maro taorian'ny tsy fahombiazan'ny fitantanana, ny fanjakana dia nanandrana fomba vaovao tamin'ny alalan'ny TANTEZA (GELOSE) (96-025:fitantanana ifotony voaaro) tamin'ny taona 1996. Nanomboka nomena andraikitra feno tamin'ny fitantanana ny harena voajanahary ny faritra, ny kaominina ary ny fokontany. Ny Fanjakana Foibe dia manohy mitàna ny andraikitra lehibe eo amin'ny fanarahamaso ny fitantanana ny harena voajanahary, hatramin'ny fotoana namindrana ny andraikitra feno tamin'ny fokontany, ny fivondronana ary ny vondron'olona ifotony. Maro ny fanamby napetraka mba ho fanamafisana ny lalànan'ny fitantanana ny harena voajanahary eto anivon'ity firenena andalam-pandrosoana ity, amin'ny alalan'ny famatsiam-bola maharitra avy amin'ny governemanta, ny fitantanana ifotony no ekena

ho fomba tokana maharitra ho an'ny fitantanana foibe. Eo anivon' ity fomba fitantanana vaovao ity no nahitana ny dina nentim-paharazana, izay fomba tokana mahomby sy manara-dalàna ho an'ny ankamaroan'ny tontolo ambanivohitra eto Madagasikara. Ny filozofia vaovao dia, ny manam-pahefana ara-panjakana sy ara-piarahamonina no hitantana ny harena, hamafisina amin'ny fampitaovana ara-tekinika sy ara-panabeazana izany mba hamparisika ny vondronolona hifidy an-tsitrabo ny fitantanana maharitra ny harena misy any aminy.

Ny lalàna fanampiny tamin'ny taona 1999 (araky ny andininy faha 99-952) sy ny taona 2002 (PSDMCZ) dia nanambatra ireo dina maromaro nisy teny an-toerana ho dina bemparitra iray (dina ankapobeny), sady nanamafy ny fampiasana ny dina ho fitantanana ny harena voajanahary, izay lasa fototra hiangain'ny fokonolona, amin'ny fitantanana ny faritra arovana sy ny tahirin-javaboahary nasionaly misy eto Madagasikara.

Ny Fahefan'ny dina

Amin'ny izao fotoana izao, ny dina izay ivondronan'ny vahoaka dia manana ny sata maha ara-dalàna azy raha ohatra ka miakatra any amin'ny fitsaràna. Ny dina vorakitra an-tsoratra sy eken'ny fitsaràna ho manara-penitra dia manankery kokoa mitovy amin'ny fahefan'ireo andinin-dalàna any amin'ny faritra.

Ny fokonolona dia afaka manamafy ny dinany mandritry ny fivoriana am-pahibemaso. Ny lamandy tapakin'ny fokonolona mandritry ny fivoriana dia ekena ho ara-dalàna. Raha misy ampahan'ny voampanga manda ny handoa ny lamandy, ny fokonolona dia afaka mampandroso ny raharaha eo amin'ny Ben'ny Tanana, izay mandidy ny fandoavana na mampiakatra ny

raharaha eny amin'ny fitsaràna. Raha vao tafakatra eny amin'ny fitsaràna ho henoin'ny mpitsara ny raharaha dia afaka manampy ny lamandy ho an'izay nandika ny dina ity farany, izay mifototra amin'ny hadisoana vitany (lalàm-pirenena).

Amin'ny ankapobeny, vitsy dia vitsy ny dina tonga eny amin'ny fitsarana. Ny antony voalohany dia noho ireo lalàna ireo avy amin'ny fokonolona, noho izany ny fisainana fa ny fandikana lalàna dia fivadiham-pitokisana eo amin'ny fiarahamonina dia tokony hampiova hevitra avy hatrany. Faharoa, raha misy olona voasambotra, tokony ho menatra izy manoloana ny fokonolona (havoria), noho ny hadisoana nataony, ka mahatonga azy hanana risim-po handoa mba hitandroany ny voninahiny eo amin'ny fiarahamonina. Farany, noho ny dina raisin'ny fanjakana eo an-toerana sy ny fitsaràna ho ara-dalàna, dia hadalàna ho an'ny mpandika ny lalàna ny hitondrana ny raharaha momba azy eo anolonan'ny Ben'ny Tanana na ny Fitsaràna, izay tsy dia hamindra fo amin'ny fanapahana ny sazy.

Rehefa miroborobo tanteraka sy ekena n'aiza n'aiza ny dina, dia ho vitsy ny fandikan-dalàna. Na ho an'ny tompontany, na ho an'ny vahiny, ny vondronolona maneho ny fahatezerany dia hitaky ny fandoavana lamandy raha misy fandikàna vita, mba ho fijery tsara izany ka tokony hanamafy ny fanarahana azy. Rehefa mahomby amin'ny fahazara-manao maro amin'ny fampiasana ny dina ny vondronolona, dia ho mora hatrany ho azy ireo ny hanohy ny fampiharana. Isaky ny mahomby'ny traikefa amin'ny fampiharana ny dina, dia manana fahazotoana hatrany ny vondronolona, ka lasa mihamatotra ao amin'ny fampiharana ny lalàna ataony aty aoriana.



Ho an'ny vondronolona maro, ny fahafantarana nentim-paharazana ny Dina dia mijanona amin'ny lalàna mifehy ny toerana masina sy ny fifandraisana ara-tsosialy ary tsy manankery amin'ny fitantanana ny harena voajanahary, izay mampiasa azy. Ny hevitra hamorona Dina dia vaovao ho an'ny vondronolona maro, izay mieritreritra ny dina ho lalàna nentim-paharazana izay tsy noforonina, fa nisy foana hatramin'izay. Maro no mino fa ny Fanahy (tromba), ny zanahary ary ny olobe no manana fahefana hamorona ny dina, fa tsy ny fokonolona. Na eo anivon'ny fokonolona, izay efa namorona ny dina fitantanana aza ka nanaiky ny mahazava-dehibe izany, dia vitsy ny manaiky azy, sy manaja azy toy ny dina nentim-paharazana.

Tohin'io olana io, ilaina ny manabe ny vahoaka mikasika ny dina sy ny fitahirizana azy, ary ny manam-pahefana koa dia mitady hevitra hampidirana io dina io eo anivon'ny fomba finoana nentim-paharazana. Noho izany, zava-dehibe ny fahitana ny dinan'ny fitehirizana hifandrindran-dalàna amin'ny dina-ndrazana, mba hahafahana manomana ny fidirany sy fandrishana ny fampiharana azy. Eo anilany, tsy ilain'ny fokonolona ny fanampiana ny fanamifasana ny dinan-drazana avy any ivelany, kanefa matetika dia very izy ireo manoloana ny dina-mpitantana.

Ilain'ny fokonolona ny mampitsangana ny fitovizan'ny sata eo amin'ny dinam-pitantana amin'ny lafin'ny fiarahamonina sy finoana mba ho tetikady hanomezana lanja ny dinan-drazana. Izany dia tokony hamafisina hatrany amin'ny fomban'ny dinan-ndrazana; hampiasaina ny toerana fivoriana, ampidirana ny olobe an-tanana (indrindra ny hazomanga), hampahafantarina ny raharaha (hadisoana vita

amin'ny fokonolona, filàna fifonana hita maso), ary izany dia ilana fomba fandoavana lamandy mifanandrify aminy. Manoloana ny fandoavana lela-bola, izay mitovy amin'ny lamandim-panjakana, ny fokonolona dia tokony handoa lamandy amin'ny alalan'ny fanolorana sorona biby ho famenoana ny lela vola aloa. Izany lamandy izany dia hanaraka akaiky ny fomban-drazana sady mety hangatahana sy haloan'ny mpikambana. Ny fizotry ny kabary dia tokony hanaraka ny fomba nentim-paharazana amin'ny alàlan'ny fanomezam-pitenenana voalohany ny olobe, dia avy eo fanokafana ny fivoriana ho an'ny daholobe ; raha misy Fikambanana tsy miankina (ONG) tonga manatrika, dia tokony hijanona amin'ny fanatrehana fotsiny izy ireo na manolo-kevitra, fa tsy manamora ny fivoriana mihitsy, raha azo atao. Ny lafiny iray tokony hita hampivavaka ny dinan-drazana sy ny dina fitahirizana dia ny fiorenan'ny dinan-drazana tamin'ny alàlan'ny finoana sy ny fatahorana ny fomban-drazana, fa ny dina fitahirizana kosa dia voatana ho filàna ny fandrindrana ny fiarahamonina, ka mety miafara eny amin'ny fitsaràna.

Famintinana

Rehefa mazava amin'ny fokonolona ny dinam-pitantàna fa fitaovana ahafahana mitsinjo ny harena, ny fiarahamonina nentim-paharazana dia hiorina am-pifaliana hatrany izany. Ny famoronana ireo dina ireo dia mety hiazakazaka haingana, izay mahagaga tokoa, satria efa vita fifanekena eo anivon'ny fokonolona ny momba ny olona izay afa-mampiasa ny harena am-pahombiazana sy ny sandany. Ny fanamifasana ireo dina ireo dia sehatra olana matetika, kanefa afaka ampiana ny fokonolona amin'ny ezaka fanantanterahana izay nataony, mifanaraka amin'ny fivoaran'ny dinam-pitantàna mifanandrify sy mitovy tantana amin'ny fomban'ny dinan-drazana. Eo am-panazavana ny fampiharana ny fanamafisana ny dinan-drazana sy ny fampitàhana izany amin'ny dina-mpitantàna vaovao dia afaka ampiana ny fokonolona mba hahazo fijery mazava kokoa mikasika ny manao ahoana no tokony hampandeha ireo dina vaovao ireo.

Fanamarihana mikasika ny fanolorana ny boky gazety

Atolotra ny boky gazety hifanaraka amin'izay ilaina, atao hampiasaina miaraka amin'ny fokonolona, mba hanazavàna ny fitoviana sy ny maha samy hafa ny dinan-drazana sy ny dinam-pitantàna. Ny boky dia tokony omena ny fokonolona alohan'ny hanapahana ny fiforonan'ny dinam-pitantàna. Rehefa tapaka dia hiadin-kevitra eo no ho eo ny fomba nentina namoronana ny dina teo an-toerana sy ny fomba nampiharana azy ireo mba hahafahany mampihatra izany fomba izany amin'ny dina fitahirizana.

RAMBOLA, RAOTA, SY NY DINA

INDIAN OCEAN COMMUNITY CONSERVATION HANDBOOK 4
TANTARA AN-TSARY MBA HANAZAVÀ TY DINA SY TY FAMPIASA AZY
BY SHAWN PEABODY, LALAO RAVAOARINOROTSIHOARANA, SAMBA ROGER

AUDIENCE: COMMUNITY LEADERS, COMMUNITY MEMBERS, STUDENTS
ARTWORK: NELL BENNETT



blue ventures
discovery through research

MacArthur
Foundation


 Sida





**RY ANAKE, IROY TY
NOSY FALY ANTSIKA.
TSY AZO ATAO TY
MANDEHA AO NO
MANAPAKE ALA AO FA
FALY.**

**TALOHA, MBO NY AJA TY OLOBE TAMIN'IZAY, NISY TANAM-
BEZO RAIKY NANA NOSY FALY. TSY AZO HANDEHANA NOSY
IO, RO TSY AZO ATAO TY MANAPAKE HAZO AO ARAKY TY
LILIN-DROZY.**



**EH! INO
ATAONAO EO
IO, TANY FALY
IO? MIALA
BAKENY!.**

**NISY OLO MANA AGNARA RAMBOLA IO. TAMY NOSIFALY IO;
NIHITA TY OLO AN-TANA KA NIVOLANIN-DROZY.**



**MANDEHANA
VOLANO ROZY
OLOBE AN-TANà
NANINTSAKY TY
LILIN-DRAZA
RAMBOLA**

**TSY NIDARY TY FAMPITANDREMA NATAON'NY NAMANY TAMBONY LAKA REY
RAMBOLA, FA NITOHIZANY TY FANAPAHA HAZO MANDRAPIFENOAY LAKA AY
HATA.**



**RAMBOLA, NANITS
AKY TY LILIN-
DRAZA IHA NOHO
IZANY LA
HAMPIHARY
AMINAO TY DINA
KA VOAM-BOY.
AOMBY FOLOAY
RAIKY TY VOY
MAHAZO ANAO.**

**TSY NANAN-DRALA
AHO ZAY
NANAMPAHAKO HAZO
INY KA MANAO AKORY
HAHITAKO DRALA
HIVILIANAKO AOMBY
VAVY BEVATA ZAY
ANIANY?**


**NAMPIVORIN'NY OLOM-BE AN-
TANA TY FOKONOLO
HANDINIKY TY FANDIKAN-DILY
NATAON-DRAMBOLA.**

IHA AVAO RO MANDINIKY AZY.
LAHA TSY MANAN-DRALA IHA
MITROSA VOLA AMY TY OLO
Hafa tse.

INO RO
TOKONY
HATAOKO




NAMEA TY FOKONOLO FOTOA
HIERITRERETA RAMBOLA; NA HANEFA TY
VOY MAHAZO AZY NA MIALA AMY TANA
IO.



MISAOTRA ANAO RAMBOLA FA
NAHATSAPA TY FAHADISOA
NATAONAO IHA.MINO ZAHAY FA
HANAJA TY LILIN-DRAZA AMIZAY
IHA MANOMBOKY ZAO

NANAPA-KEVITRY RAMBOLA FA ALEO
MANEFA AOMBY RAIKY TOY IZAY IALA
AMY TANA IO; SADY NAHATSAPA TY
FAHADISOANY KOA IHE.




MAMELA TY
FAHADISOANAO ZAHAY
FOKON'OLO RAMBOLA.
NAJANAO TY LILIN-
TSIKA KA HO AFA-
TSINY AMY TY RAZA
TSIKA.

AFAKY MATOKY AHY
NAREO FA TSY HANAO
SASY AHO LA
MANANTENA AHO FA
HIJANO MPINAMA
TSIKA IABY.


NAHO FA VITA SORO INY, NANAO FETY TY FOKONOLO
MIARAKA AMY RAMBOLA MBA HO FAMELAN-KELOKY AZY.

LAHA HOATSY TSY NANEFA
AOMBY RAIKY RAMBOLA; IZAO TY
RAHA HO NAHAZO AZY.




ROASINAY HIALA
AMIN'NY TANA TOY
IHA FA TSY
MANARAKY TY LILY.

AFAKY 50 TAO...




EFA MIHAVITSY TY
RAHA AN-DRIAKE. TSY
NANAHAKE TY
TALOHA SASY. MARO
MARE TY OLO, KA
MARO KOA TY MILA
AZY.

INDRAIKY ANDRO, AMY FOTOA
HENAN'IZAO, NISY TANAM-BEZO RAIKY;
FA NIHALANY TY RAHA AMY TY TOERA
FITINJOAN-DROZY.MANDINIKY ROZY FA
HO SAHIRA LAHA OHATSY KA TSY MISY
FIOVA.



ANDAO HANAO
REZERIVA SOA
AMIN'IZAY FIA NO
HARA REY HO
FENO INDRAIKY.

MANAO AKORY
TSIKA LAHA
MANAO
FAGNAJARIA FIA
NA REZERIVA
AMY TY TOERA
RAIKY MBO MARO
FIA SY MBO MISY
VATOHARA SOA.




LAMBOA RETO
ATAOTSIKA
FAMANTARA REZERIVA
IO; KA AMEATSIKA DINA
BEVATA ZE OLO
TRATRY MILITSY AO.

TAPA-KEVITRY TY OLO AN-TANA FA HAGNILY TOERA RAIKY NO
HASIA DINA MBA MIARO AZY.




KA MITINJOKY
AO IHA RAOTA FA
TSY AZO
HANDEHANA TY
AO FA REZERIVA.

Lafa afaky tao vitsivitsy afarany nanilia toera io; hita ty fokonolo fa nitombo mare ty vokatry anaty rezerva ao no marikitsy azy eo. Indraky andro, nisy olo mana agnara raota io tratra nitinjoke tanaty rezerva ao.



HISY FIVORIA
BAKEO
MIVONONA IHA
FA MILA AVY
ANY.


NOLY RAOTA LAFA NAHAFENO LAKA. FA
NAMBARAN'OLO NAHITA AZY IO AMY TY
PREZIDA IE.



IHA TRATRIN'OLO
NILITSE TANATY
REZERIVANTSIKA TAO
KA VOA DINA 100,000
ARIARY IHA, RO SADY
AMEA TY FOKONOLO
FIA NIAZONAO REO.

IHA AVAO RO
MANDINIKY AZY.
LAHA TSY MANAN-
DRALA IHA MITROSA
VOLA AMY TY OLO
HAFA TSE.


NDAO MOA FA TSY
MANAHY, HOENTO
ANAREO FIA REO FA
ZAHO TSY MANAN-
DRALA HANEFAKO
DINA ZAO.



TSAPAKO TY
HADISOAKO
MIALA
TSINY, TOY
VOLA INY.

MISAOTRA ANAO
RAOTA. NANAJA TY
FOKONOLO NAHO
TY LILY.

NITROSA DRALA RAOTA MBA
AHAFAHANY MANDOA TY DRALAN'NY
OLOBE AN-TANA.



LAHA MATOKISA
AHY NAREO FA
TSY HAMPOLIKO
SASY IGNY, RO
SADY HANENTA
NAMAKO REO
KOA ZAHO.

LAHA MATOKY
ANAO ZAHAY
FA TSY
HANDIKA DINA
SASY IHA LAFA
AFARA ANY.

NANAO FETY TY FOKONOLO MIARAKA AMY
RAOTA MBA HO FAMELAN-KELOKY AZY.

LAHA HOATSE KA TSY NANEFA TY
VONODINA NAHAZO AZY RAOTA RO SADY
TSY NIVITA TY FOKONOLO NATAO LE
NAMPIAKARY DROZY TRIBONALY TY
FAHADISOA NATAONY.

LALANA MANAN-KERY TY
DINA; KA LAHA TSY
VOAHEFA, LE SAZY MARE
Hafa KOA TY MAHAZO
ANAO.

TAPITRA

Ity boky ity dia novatsian'ny Western Indian Ocean Marine Science Association (WIOMSA) vola, avy amin'ny alalan'ny famatsiam-bola laharana; MASMA/books/05/08. Ny fijery ambara eto dia an'ny mpanoratra, ka tsy voatery hitovy amin'ny fijerin'ny WIOMSA sy ny an'ny Sida. WIOMSA sy Sida dia mahazo alalana hamokatra sy hizara dika mitovy raha toa ka ho an'ny fanabeazana izany, afaka tsy mametraka maharitra ny zon'ny mpanoratra izay voalaza eto.

blue ventures
discovery through research

309A/B Aberdeen House,
22-24 Highbury Grove, London N5 2EA, UK
Tel: +44 (0)20 7359 1287
Fax: +44 (0)800 066 4032
Email: enquiries@blueventures.org
www.blueventures.org